TORITENY - Alahady faha 34 mandavan-taona B : FANKALAZANA AN'I KRISTY MPANJAKA



Teraka Aho, sy tonga taty an-tany mba hanambara ny marina, ka izay rehetra mpanaraka ny marina, dia mihaino ny feoko". Jn 18, 36

Vakiteny I : Dan. 7, 13-14
Tononkira : Sal. 92, 1ab. 1d-2. 4. 5.
Vakiteny II : Apok. 1, 5-8
Evanjely : Jo. 18, 33b-37

Kristy Mpanjaka

Ry Kristianina havana, amin'izao Alahady faha-34 mandavan-taona izao no ankalazantsika an'i Kristy Mpanjaka no sady hamaranana ny taona litorjika. Rehefa mamarana taona isika dia voalohany miara-misaotra an'Andriamanitra ary mifampiarahaba satria nahavita namakivaky an'izay taona izay. Araka ny efa matetika lazaina amintsika, tsy mitovy ny taona litorjika sy ny taona izay mahazatra atsika amin'ny calendrier. Fa ny taona litorjika dia natao mba hiainantsika ny fianan'Andriamanitra, ny fiainan'i Kristy. Ny fiainan'i Kristy manko dia fiainan'Andriamanitra. Izay ny litorjia, asan'Andriamanitra ka mampiditra atsika tsikelikely ao amin'izay fiainan'Andriamanitra zay. Ary izao Alahady izao faha-34 tsotra mandavan-taona no ankalazan'ny Eglizy an'i Kristy Mpanjaka. I Kristy no mampivondrona izao rehetra izao, izy no mpanjakan'izao tontolo izao ary izy no faran'izao rehetra izao araka ny fanambaran'ny bokin'ny Apokalipsa Alfa sy Omega, izany tokoa Kristy, izy no nahariana an'izao rehetra izao ary izy koa no hiafaran'izao rehetra izao. Izy no zanak'Andriamanitra, izy no tenin'Andriamanitra araka ny voalazan'i Daniela mpaminany ary mbola hantitranterin'ny bokin'ny Fanambarana fa Mpanjaka tokoa i Kristy. Izay no antony fankalazantsika azy amin'ny famaranana ny taona litorjika, manampy atsika sahady hiditra amin'ny fiafaran'izao tontolo izao. I Kristy manjaka amin'izao rehetra izao, izay tokoa ny Andriamanintsika, mahefa ny zavatra rehetra izy, ary izay ny finoantsika ry Kristianina havana ka ambarantsika amin'izao ankalazantsika an'i Kristy Mpanjaka izao. Maro ny toerana manao procession amin'izao andro izao hanambarana ny hoe i Kristy tokoa manjaka amin'ny fiainantsika. Matoa i Kristy tonga olombelona dia manambara fa Andriamanitra manjaka eo amin'ny fiainantsika. Izany ny fampianarana voalohany

Mpanjaka tsy araky ny fihevitrin'ny olombelona

Fa izao koa tsara hamarinina ry Kristianina havana, tsy mpanjaka araka ny fisainan'izao tontolo izao i Kristy, tsy mpanjaka hanao fahefana mamoritra fa fahefana manompo, ary izay no nahataitra an'i Pilaty solontenan'ny Empereur mpanjaka ambony indrindra tamin'izany fotoana izany izay nieritreritra fa izy Empereur romana no lehiben'izao rehetra izao. Araka ny fahendrena sy ny fisainan'izao tontolo izao ny mpanjaka dia ny hoe manana fahefana.

Ry Kristianina havana, aoka isika hahay hanavaka ny teny hoe fahefana io. Amintsika Malagasy manko matetika mihevitra ny dikan'ny hoe fahefana dia ilay midika amin'ny teny frantsay anankiroa hoe : ny pouvoir sy ny autorité. Samy hafa anefa no ambaran'ireo zavatra anankiroa ireo na samy midika hoe fahefana, zay no mahatonga atsika ho diso fisainana rehefa hoe fanjakana dia mifangaro ny zava-drehetra ka noho izay fifangaroana izay tsy tafita ny hevitra. Nefa ny hevitra no mitondra ny aina satria raha fola-kevitra ianao dia miova tokoa ny fiainanao, izay no tsara marihina ry Kristianina havana. Ny pouvoir dia midika fahefana tokoa nefa matetika fahefana mamoritra satria mitondra hery setra ary izay ny an'i Pilaty ka nahataitra azy raha nilaza i Kristy fa hoe Mpanjaka aho. Ny autorité kosa dia fahefana toho-teny, izay ny fahefan'i Jesoa ary henontsika mandritra ny Evanjely, tsy miteny ohatry ny manam-pahefana rehetra izy fa fampianarana mampita hevitra ka mahatonga fola-kevitra ary dia izay ny fahefana ampianarin'i Kristy atsika. Mpanjaka koa isika noho isika vita batemy, Kristianina, ny fiainan'i Kristy ary izay no antony ankalazantsika an'izao fetin'i Kristy Mpanjaka izao. Mpanjaka tokoa isika fa tsy ilay mpanjaka manana fahefana pouvoir puissant. Manana an'izay puissance izay Andriamanitra satria autorité izy, toho-teny. Izany no fahefantsika, toho-teny satria mampita ny fahamarinana ary izay fampitana ny fahamarinana tahaka an'i Kristy izay no maha-olona afaka atsika, tsy voafatopatotran'iza n'iza isika eo amin'ny fivelomantsika ny maha-Kristianina atsika. Zany no ampianarin'i Kristy atsika. Tsy azon'i Pilaty izay satria ny azy dia pouvoir fa tsy autorité. Nefa fantantsika fa ny autorité dia sady pouvoir fa matetika ny pouvoir tsy mitondra amin'ny autorité. Hitantsika amin'ny fiainana andavanandro izany, mety misy olona manana pouvoir kanefa tsy manana autorité izy satria tsy toho-teny ka manjary tsy tafita ny zavatra tiany ampitaina noho izany tsy fola-kevitra ny olona ka tsy afaka manatanteraka an'izay tiany, izay no mahatonga azy mampiasa hery setra mba hanatanterahan'ny olona azy. Kanefa ny fampiasana ny hery setra tahaka ny nataon'i Pilaty dia mitondra amin'ny fahafatesana fa tsy mitondra amin'ny fiainana. I Kristy Mpanjaka dia toho-teny izy ary nanompo.

Mpanjaka koa isika vita batemy, mpanjaka manompo tahaka an'i Kristy

Fahefana toho-teny dia miaina an'i Jesoa tsy amin'ny alalan'ny kobaka am-bava fa amin'ny alalan'ny fiainany manontolo, amin'ny alalan'ny fanompoana. Ka raha mankalaza an'i Kristy Mpanjaka ary isika, i Kristy toho-teny dia i Kristy manompo, mitady ny soa ho an'ny hafa ary izay no tena Mpanjaka, izay no tena fahefana : mitady ny soa hampivelatra ny hafa, ny soa hitondra aina. Izay tokoa i Kristy mpanjaka ankalazaintsika amin'ity andro anio ity. Noho ny batemy koa isika ry Kristianina havana araka ny efa nolazaintsika teo miombona tanteraka amin'i Kristy ka sady Kristy mpisorona isika, Kristy mpaminany no Kristy mpanjaka ka mifampiarahaba tokoa amin'izao faran-taona izao. Fantaro ary fa i Kristy mpanjaka dia tsy ilay araka ny fieritreretan'izao tontolo izao fa ilay Mpanjaka mahefa ny zava-drehetra tokoa izy, Alfa sy Omega, kanefa Mpanjaka toho-teny, mampita ny tena aina, mampita ny fampianarana ary mitady ny soa, mpanjaka manompo atsika izy izay manana ny toetra maha-Andriamanitra azy, nataony ho tsinontsinona izany mba hahazoantsika ny fivelomana.

Ry Kristy Mpanjakan’izao tontolo izao tokoa ianao, Mpanjaka tompon’izao tontolo izao ary noho ny herin’ny fitiavanao izay abaribarinao tamin’ny nahafatesanao dia mitondra anay amin’ny tena fiainana rehefa nitsangan-ko velona ianao. Ampio ary izahay izay mitafy ny maha-Mpanjaka izay koa mba ho toho-teny amin’ny fiainanay manontolo, hahay hampitraotro ny finoana sy ny fiainana andavanandro izahay ka amin’izay sady ho mpaminany tokoa no mpisorona ary mpanjaka ka hanazava an’izao tontolo izao ary hitondra fihavaozana amin’izao tontolo izao ho mpanjakan’ny fiadanana tahaka anao anie izahay, hampanjaka anao ka hanjaka tokoa anie ny fiadanana eto anivonay : eo anivon’ny fianakaviana Eglizy kely, eo anivon’ny fiaraha-monina. Hahay hifamindra fo izahay satria sambatra ny mamindra fo fa hahita an’Andriamanitra izy, hamindrana fo izy ka hifamindra fo tokoa izahay, hahay hifanompo ka hanjaka tokoa ny fihavanana sy ny fifankatiavana.

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson